



***SEHATRA IFAMPIDINIHANA MANODIDINA
NY FIFIDIANANA LOHOLON'I
MADAGASIKARA
HATAO NY 11 DESAMBRA 2020***

NY TETIANDROM-PIFIDIANANA

- Fepotoana iasan'ny Antenimieran-doholona: mifarana ny volana febroary 2021;
- Fitsipika Anatin'ny Antenimieran-doholona: ny fepotoana iasan'ny Antenimierandoholona dia manomboka ny datinandro itsanganan'ny Birao maharitra (09 febroary 2016);
- Fe-potoana iasana mifarana: ny fifidianana izay karakakaraina mikasika an'io dia tsy maintsy atao ao anatin'ny fanajana ny vaninandro ifaranan'io fe-potoana io.

« Le scrutin se rapportant à tout mandat arrivant à terme se tient dans le respect de la date de l'échéance de celui-ci, indépendamment de la saison,... »

Art.53 Loi organique 2018-008 portant régime général des élections et des référendums.

NY SOKAJIN'OLONA MPIFIDY

(du collège électoral)

1) Iza avy ireo sokajin'olona mpifidy?

Ben'ny tanàna sy mpanolontsain'ny tanàna voafidy vokatry ny fifidianana natao ny 27 novambra 2019.

And.-80 @ lalàna fehizoro 2015-007 mamaritra ny fombafomba fifidianana ny Loholon'i Madagaskara

Didim-panjakana laharana faha 2020-1112 t@ 09 septambra 2020

2) Fombafomba andrafetana ny lisitra:

- ✓ Miainga @'ireo Didim-pitsarana nanambarana ny vokatry ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolontsain'ny tanàna (10 janoary sy 11 janoary 2020);

- ✓ Havaozina arakarakin'ny fiovana mitranga eny anivon'ny Kaominina

Votoatin'ny fanavaozana: fahabangan-toerana miseho eo anivon'ny rafitra misy eny @ Kaominina.

Anton'ny fahabangan-toerana:

- fametrahama-pialana,
- fahafatesana,
- tranga tsy azo ampirafesina @ asan'ny olom-boafidy eny @ Kaominina,
- fandravana ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady @ fanjakana.

Fiovana hita ao @ lisitra: tranga 255 (2,05%) ny fiovana vokatry ny Didim-pitsarana na Didy fandravana.

Fombafomba anaovana ny fanavaozana:

- fahabangan-toerana hamarinin'ny didi-mpitsarana,
Tompon'andraikitra voakasika: Fitsarana (T.A), Filankevimpanjakana ary ny Solotenam-panjakana sy ny Ministeran'ny Atitany, CENI sy ny rantsamangaikany
- fahafatesana hamarinin'ny sora-pahafatesana.
- tsy manitsy fahadisoana anarana ao @ didim-pitsarana.

Ny dingana atao ankehitriny:

- ✓ Fametrahana ny lisitry ny mpifidy vaventy eny anivon'ny Distrika hohamarinina

Fanamarinana ataon'ny rantsamangaikan'ny CENI

Fanamarinana zon'ny mpifidy vaventy.

- ✓ Fepetra: hamarinina fa tsy azo avoaka.

Famaranana ny lisitry ny mpify:

- ✓ Faranana ny 11 novambra 2020 (and.-3 Didim-panjakana 2020-1112).

Izay didim-pitsarana mivoaka alohan'io daty io no tafiditra ao anaty lisitry ny mpify.

- ✓ Vaomiera manokana miandraikitra ny famaranana:

Mpikambana @ Birao maharitry ny CENI + Tale miandraikitra ny tantsoroka isaky ny Faritany.

NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

1) Faharetany: 21 andro.

Fanombohany: 19 novambra 2020 @ 6 ora maraina

Fifaranany: 09 desambra 2020 @ 12 ora alina.

Fanajana ny fahanginana: 10 desambra h@ androm-pifidianana.

2) Ireo olona tsy afaka manao fampielan-kevitra

- ✓ Ny mpiasam-panjakana rehetra, sivily sy miaramila,
- ✓ Ireo « agent non encadré » miasa @ Fanjakana sy ny Vondrom-bahoakam-paritra intsinjaram-pahefana.

Ireo fepetra tsy maintsy hajaina mialohan'ny fampielezan-kevitra:

1) *Fanendrena ny mpitam-bola @ kaontin'ny fampielezan-kevitra*

Manomboka ny firaketana ny filatsahan-kofidiana (and.-65, lalàna fehizoro 2018-008) no tsy maintsy atao ny fanendrena.

Tsy azo tendrena ho mpitam-bola ny olona ao anaty lisitry ny mpilatsaka hofidiana,

Fanambarana an-tsoratra soniavin'ny loha lisitry ny mpilatsaka hofidiana (na ny solotenany) no anendrena azy

Apetraka eo anivon'ny CENI ny fanendrena.

2) *Fanaovana fanambarana mialoha hanao fampielezan-kevitra (déclaration préalable)*

- ✓ Ireo lisitry ny mpilatsaka hofidiana dia manana zo feno hanao fampielezan-kevitra (and.-97, lalàna fehizoro 2017-007)
- ✓ Tsy maintsy manao fanambarana mialoha (eny @ Lehiben'ny Distrika na Prefé).

Fepetra hafa

- 1) *Toerana tsy azo anaovana fampielezan-kevitra:
Fiangonana, toeram-piasana, tronom-panjakana na
toeram-ponenan'ny miaramila,*

- 2) *Atokana ho an'ny mpifidy vaventy ihany,*
- 3) *Manaja ny fepetra ara-pahasalamana,*
- 4) *Tsy mahazo manao fitokanana @ fomba ofisialy,*
- 5) *Tsy mahazo mampiasa fahefam-panjakana.*

- 6) *Fandaminana anatiny*
 - ✓ *Omena lasitry ny biletia tokana ny lisitry ny mpilatsaka
hofidina tsirairay mialohan'ny fampielezan-kevitra
Raisina aty @ foibe io « specimen » io.*

NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO

- ✓ Eo anivon'ny Distrika,
- ✓ Birao fandatsaham-bato iray ho an'ny Distrika iray,
- ✓ Ferana enimpolo andro mialoha: natao ny 12 oktobra 2020.

NB: Birao iray ho an'ny Distrika enina eto Antananarivo Renivohitra.

NY FANDATSAHAM-BATO

- ✓ Misokatra @ Enina ora maraina ny birao,
- ✓ Mikatona avy hatrany @ ora tena ahataperan'ny fandatsaham-bato,
- ✓ Irosoana avy hatrany ny fanisam-bato (marihina ao anaty PV ny ora tena nikatonan'ny fandatsaham-bato),
- ✓ Hajaina ny fepetra ara-pahasalamana mandritra ny fanisam-bato,
- ✓ Tsy misy mifidy ivelan'ny birao fandatsaham-bato isoratany anarana (ankoatra ny kandida).

Ny fanaraha-maso ny fifidianana

- ▶ Daty farany ametrahana ny fangatahana fankatoavana:
Zoma 20 novambra 2020;
 - ▶ Fepetra takiana amin'izany dia hita ao amin'ny tranokalan'ny CENI
- ▶ Daty farany ametrahana ny fangatahana karatra famantarana (badge): Alakamisy 26 novambra 2020 amin'ny 5 ora (azo atao eny amin'ny CEP rehetra)
 - ▶ Fepetra takiana amin'izany dia hita ao amin'ny tranokalan'ny CENI
- ▶ Hisy fivoriana fampahafantarana sy fifampizarana (séance d'information)



Manksastraka e!